

**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**  
*Tanindrazana - Fahafahana - Fandrosoana*

**LOI n° 2005 - 001**

**autorisant la ratification de l'Accord conclu le 06 avril 2004 entre le  
Gouvernement de la République de Madagascar et le Gouvernement de la  
République de Maurice relatif à la Promotion et à la Protection  
Réciproques des Investissements**

**EXPOSE DES MOTIFS**

Dans un contexte économique en perpétuelle mutation évoluant sur un marché de libre échange, Madagascar ne cesse de prospecter et d'élargir de nouveaux horizons en procédant à une promotion audacieuse des investissements partout dans le monde.

A cet effet, et malgré la contribution effective des investisseurs nationaux qui n'arrivent pas réellement à doper l'économie malgache en vue d'une croissance rapide et durable, l'ouverture régionale à l'Invesissement Direct Etranger est notamment privilégiée.

L'île Maurice, un pays voisin, riverain de Madagascar dans l'Océan Indien a toujours été un de nos partenaires économiques. Des opérateurs Mauriciens ont manifesté leur intérêt au plus haut point à notre pays lors de leurs nombreuses missions économiques dans la Grande-île. D'autre part, les récents déplacements d'opérateurs malgaches à Maurice, en quête de partenaires d'affaires, témoignent l'opportunité d'intensification des échanges entre les deux pays.

Aussi, il serait avantageux d'utiliser les affinités de longue date ainsi que les liens historiques, économiques et commerciaux entre nos deux pays, pour renforcer davantage et consolider encore plus la coopération économique avec Maurice.

Ainsi, conscients de l'importance que revêt cette relation d'échanges régionaux, les deux Gouvernements ont décidé de signer un Accord sur la Promotion et la Protection réciproques des Investissements (APPI).

Cet Accord constitue un cadre juridique formel capable d'attirer et de

sécuriser les transactions et investissements effectués par les ressortissants des deux pays au mieux de leurs intérêts communs.

Tel est l'objet de la présente Loi.

**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**  
***Tanindrazana - Fahafahana - Fandrosoana***

**LOI n° 2005-001**

**autorisant la ratification de l'Accord conclu le 06 avril 2004 entre le  
Gouvernement de la République de Madagascar et le Gouvernement de la  
République de Maurice relatif à la Promotion et à la Protection  
Réciproques des Investissements**

L'Assemblée nationale et le Sénat ont adopté en leur séance respective en date du 25 mai 2005 et du 09 juin 2005, la Loi dont la teneur suit :

**Article premier.**- Est autorisée la ratification de l'Accord conclu le 06 avril 2004 entre le Gouvernement de la République de Madagascar et le Gouvernement de la République de Maurice relatif à la Promotion et à la Protection Réciproques des Investissements.

**Article 2.**- La présente Loi sera publiée au Journal Officiel de la République. Elle sera exécutée comme Loi de l'Etat.

**Antananarivo, le 09 juin 2005**

**LE PRESIDENT  
DE L'ASSEMBLEE NATIONALE,**

**LE PRESIDENT DU SENAT,**

**LAHINIRIKO Jean  
RAKOTOMAHARO**

**RAJEMISON**

**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**  
***Tanindrazana - Fahafahana - Fandrosoana***

**LALANA LAHARANA FAHA 2005 -001**  
**anomezan-dàlana ny fankatoavana ny Fifanarahana ifanaovan'ny**  
**Governemantan'ny Repoblikan'i Madagasikara sy ny Governemantan'ny**  
**Repoblikan'i Maorisy momba ny Famporisihina sy ny Fiarovana**  
**ifamalian'ny andaniny sy ny ankilany momba ny fampiasam-bola**  
**hamokarana**

**FAMELABELARANA NY ANTONANTONY**

Io anatrehan'ny zava-misy ara toekarena izay tsy mitsahatra miovaova sy miroborobo eo anivon'ny fahalalahan'ny tsendra sy fifanakalozana, Madagasikara dia manohy hatrany ny fikarohana sy ny fanitarana ireo lalàna sy fijery vaovao amin'ny fanaovana famporisihina ny fampiasam-bola manerana izao tontolo izao.

Araka izany ary, na eo aza ny fandraisana anjara mivantana ataon'ireo Mpampiasa vola eto an-toerana izay tsy mahasehaka sy tsy mahatosika loatra ny toekarena malagasy ho amin'ny fampandrosoana haingana sy maharitra, dia ilaina tokoa ny fivelarana ara-paritra amin'ireo Mpampiasa vola avy any ivelany.

Ny nosy Maorisy, firenena akaiky an'i Madagasikara eto anivon'ny Oseana Indiana moa dia efa mpiara-miombonantoka tamintsika hatrizay teo amin'ny lafiny ara-toekarena. Maro ireo mpandraharaha Maorisiana nandalo teto, tamin'ny alalan'ireo iraka ara-toekarena nataony, no efa nampiseho ny fahavononana lehibe. Eo ihany koa ireo fifamezivezen'ny mpandraharaha malagasy tany amin'ny nosy Maorisy nitady fiaraha-miasa akaiky, ary izany dia manaporofa fa ilaina tokoa ny fifanakalozana eo amin'ny firenena roa tonta.

Ilaina ihany koa anefa ny fanatsarana ireo fifandraisana nisy hatramin'izay na ara-toekarena izany na ara-barotra teo amin'ny firenena roa tonta, mba hanamafisana hatrany ny fifandraisana ara-toekarena miaraka amin'i Maorisy.

Ny fahatsapana ny maha zava-dehibe ny fifandraisana ara-paritra no nanosika ny Governemanta roa tonta ifanaraka amin'ny resaka famporisihina sy

fiarovana ifanaovan'ny andaniny sy ny ankilany eo amin'ny fampiasam-bola.

Ity fifanarahana ity no sehatra voasoritra araka ny lalàna, hahafahana misintona sy miaro ny varotra sy fampiasam-bola ho an'ireo tera-tany avy amin'ny firenena roa tonta mba ho amin'ny tombontsoa iombonana.

Izany sy izany no antonanton'ity Lalàna ity.

**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**  
*Tanindrazana - Fahafahana - Fandrosoana*

**LALANA LAHARANA FAHA -2005 - 001**

**anomezan-dàlana ny fankatoavana ny Fifanarahana ifanaovan'ny  
Governemantan'ny Repoblikan'i Madagasikara sy ny Governemantan'ny  
Repoblikan'i Maorisy momba ny Famporisihina sy ny Fiarovana  
ifamalian'ny andaniny sy ny ankilany momba ny fampiasam-bola  
hamokarana**

Nolanian'ny Antenimierampirenena sy ny Antenimierandoholona tamin'ny fivoriana izay nataony avy ny faha-25 may 2005 sy ny faha 09 jona 2005, izao Lalàna manaraka izao :

**Andininy voalohany**.- Omen-dàlana ny fankatoavana ny Fifanarahana ifanaovan'ny Governemantan'ny Repoblikan'i Madagasikara sy ny Governemantan'ny Repoblikan'i Maorisy momba ny Famporisihina sy ny Fiarovana ifamalian'ny andaniny sy ny ankilany momba ny fampiasam-bola hamokarana.

**Andininy faharoa**.- Havoaka amin'ny Gazetim-panjakan'ny Repoblika izao Lalàna manaraka izao. Hotanterahina izany fa Lalàm-panjakana.

**Antananarivo, faha 09 jona 2005**

**NY FILOHAN'NY  
ANTENIMIERAMPIRENENA,**

**NY FILOHAN'NY  
ANTENIMIERANDOHOLONA,**

**LAHINIRIKO Jean**

**RAJEMISON RAKOTOMAHARO**

